


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Hafahana Isika

Natao ho ota i Jesosy tamin’ny fahotantsika mba ho tonga marina isika amin’ny fahamarinany.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny ampahany manaraka amin'ny Toromarika Romana, ny fomba azo ampiharina, dia hita ao amin'ny Romana 6:11–13.

Voalohany, “ny tenanareo dia ataovy ho efa maty” (andininy 11). Milaza ny Baiboly fa maty isika — minoa izany! Hoy i Paoly:

> “Voahombo miaraka amin’i Kristy amin’ny hazo fijaliana aho; ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko.” (Galatiana 2:20)

Heverin'i Paoly fa ho azy manokana ny nanomboana an'i Kristy sy ny fahafatesana. Nieritreritra toy izany izy ary niteny toy izany, ary nihevitra izany ho marina. Tsy maintsy manao toy izany koa isika.

Ny dingana faharoa sy fahatelo dia fananarana ratsy: “Koa aza avela ny ota hanjaka amin’ny tenanareo mety maty” (andininy 12) sy “Aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin’ny ota” (andininy 13). Teo aloha, dia tsy afaka ny tsy hilefitra amin’ny fahotana isika; ankehitriny, manana safidy isika. Misy hery lehibe kokoa noho ny ota ao anatintsika. Efa nafahana isika, nohamarinina. Tsy maintsy mampihatra ny sitrapontsika anefa isika. Rehefa tonga ny fakam-panahy, dia tsy maintsy miteny mafy isika ary farany hoe: “Tsia! tsy hampilefitra ny tenako na ny momba ny tenako aho! Tsy milefitra aminao aho, ry Satana; An’i Jesosy aho.”

Ny dingana faha efatra dia lafiny tsara: “Atolory ny tenanareo ho an’Andriamanitra” (andininy 13). Tsy afaka ny ho solontena mahaleo tena isika ary mijanona ho afaka amin’ny ota. Tsy maintsy misafidy ny hanompo an’Andriamanitra toy izay an’ i Satana isika, ka manolotra ny tenantsika ho sorona ho an’Andriamanitra, manome fanatitra izay rehetra ananantsika, sy izay rehetra momban’ny tenantsika — tsy mitana na inona na inona. Manaraka izany, dia hoy i Paoly: “Atolory ny tenanareo ho azy[Andriamanitra]” (andininy 13). Atolory an’Andriamanitra ny faritra rehetra amin’ny tenanao mba ho Ampiasainy araka izay Tiany ho Voninahiny.

© 2008 - Dries Du Plessis

Ny vokany dia “Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo ” (andininy 14). Afaka amin'ny henatra, ny faharatsiana, ny fangirifiriana isika—ny faharatsiana rehetra entin'ny ota. Raha manaraka ny Toromarika Romana isika — miasa amin’ny alalan’ny fampitoviana antsika amin’i Jesosy amin’ny, ny fandevenana, ary ny fitsanganana amin’ny maty — dia ho afaka isika.

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Manambara aho fa amin'ny alalan'ny fampahafantarana an'i Jesosy, dia ho afahana aho - satria Jesosy dia natao ota niaraka tamin'ny fahotako mba hahatonga ahy ho marina amin'ny Fahamarinany, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-112-MLG
Nohavaozina farany: 09 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

